# 29 Oktobra 2018 – 04 Novambra 2018

**Misikina**

**(Lio 12.35)**

**Iza ?** Ny mpino no asaina MISIKINA.

**Nahoana ?** Mariky ny FIANDRASANY ny fihavian'i Jesoa.

**Amin'ny fomba ahoana ?** Malabary lava no niakanjoan'ny Jiosy, ka rehefa MIASA mafy izy na MIHAZAKAZAKA dia nakariny avoavo kokoa izany, dia nofatorany tamin'ny fehin-kibo.

**Koa miasà mafy** isanandro isanora ho an'ny Tompo.

**Ary mihazakazaha hamoha varavarana** raha vao mandondona  Izy haka anao.

Dia tsy hanampoka anao ny fihaviany.

Amen.

Ny Mpitandrina, Solofo RAMAHOLIMIHASO